JULIEN ANDRIAMORASATA

Hanatsarana fifidianana ny fikaonandoham-pirenena fa tsy fitadiavan-tseza

Naneho ny heviny mahakasika ny raharaham-pirenena amin'izao fotoana ny mpikambana ao amin'ny Birao politikan'ny antoko TIM, sady ao amin'ny rodoben'ny mpanohitra RMDM, Julien Andriamorasata. Nambarany fa hanatsarana ny fitantanana ny resaka fifidianana no hanaovana ny fikaonandoham-pirenena, fa tsy fitadiavan-tseza velively. Diso ny fivoizana fa hatao fitadiavan-tseza no anton'ny hanaovana ny fikaonandoha nasiônaly, hoy ity mpanao politika ity. "Ny fitantanana tsy mandeha eto amin'ny firenena, ny lalàna mifehy ny fifidianana, mila jerena miaraka izany, raharaham-pirenena no jerena. Mila mahafantatra ny mpitondra hoe inona no dikan'ny fikaonandoham-pirenena raha tsy hainy, fa tsy misy resaka fitadiavan-tseza velively. Ianareo mpitondra aza no tokony hanao an'io, fa aleo hataon'ny mpanohitra rehefa tsy mazoto ianareo, na tsy hihetsika koa aza ny FFKM dia aleo handeha io."

Momba ity resaka fikaonandoham-pirenena ity, efa nilaza ihany koa ny filohan'ny CFM, Maka Alphonse fa ilaina ny mifampiresaka eto amin'ny firenena, indrindra ny mahakasika resaka fifidianana, satria misy tsy nety amin'io fitantanana ny fifidianana io eto amintsika. Mila mihaino ny mpitondra hoy izy. Ny Dinika Iombonana ny herinandro lasa teo dia nanambara fa amin'ny tapaky ny volana septambra any no tokony hanatanterahana

Ny mpanao politika, Julien Andriamorasata.

ity dinika nasiônaly ity, ka ho hita eo ny tohiny, satria tsy azo ekena ingtsony izany fifidianana misy hosoka izany eto amintsika, ka mpitondra tsy voafidim-bahoaka no mitondra dia avy eo mampijaly ny vahoaka izay tena tompon'ny fahefana.

Isambilo

Efa mpanolotsaina manokan'ny filoha Ravalomanana

Nodimandry ny jeneraly Guy Ratrimoarivony

Ny jeneraly Guy Ratrimoarivony fahavelony.

Nodimandry afak'omaly ny jeneraly Guy Ratrimoarivony, manamboninahitra jeneraly efa nitana andraikitra ambony teto amin'ny firenena, toy ny tao amin'ny ministeran'ny Fizahantany, ny Fiarovam-pirenena, ny Primatiora ary efa mpanolo-tsaina manokan'ny Filoha Marc Ravalomanana ihany ko aizy tamin'ny fotoan'androny. Nivoaka tamin'ny Sekoly manokana momba ny ady tany Saint Cyr, sy sekoly ambony manofana miaramila tany Paris izy. Nianatra momba ny Lalàna sy siansa pôlitika koa, sady tale no mpampianatra tao amin'ny CEDS. Efa nirotsaka kandidà filohan'ny Repoblika izy ny taona 2013, tamin'ny anaran'ny fikambanana Hetsik'olompirenena. Nanana ny fotokevitra nijoroany sy nimasoany. Ny gazety Ny Valosoa Vaovao dia mirary fiononana feno ho an'ny fianakaviany sy ny mpiara-miasa taminy.

Niaina

Faritra Menabe

Miara-miasa amin'ny Ong Code Menabe sy ny UN-Habitat

Tamin'ny alalan'ny tetikasa vahaolana koa ny zava-boahary ho fiarovana an'i Morondava faritra Menabe, sy ahafahana miatrika ny fiovaovan'ny toetr'andro, izay notanterahan'ny ONG Code Menabe, sy ny Consortium des jeunes Mahery, no nanantanteraka ity tetik'asa ity, izay ny UN-Habitat no tena tompon'ny tetik'asa, novatsian'ny Sida vola. Ka ny natao tamin'izany dia ny fambolena ala honko sy fanaovana toerana fialana sasatra na espace vert, ka velaran-tany 81 ha no voavoly honko ary voara-maso tsara, satria nisy ny fiaraha-miasa amin'ireo vondron'olona ifotony ary antsitra-po no nanaovan'ireo tanora sy Voi ny asa, ka nahatratra 606 ireo mpilatsaka antsitrapo nanao ny asa, ny 323 tamin'ireo dia vehivavy avokoa, izany hoe 53%-n'ireo mpilatsaka antsitrapo vehivavy.

Toeram-pialantsasatra roa ihany koa no vita tamin'ity tetikasa ity: ny iray ao amin'ny kaominina ambanivohitr'i Bemanonga izay natolotra ho tantanin'ny kaominina ary ny iray ao amin'ny kaominina ambonivohitr'i Morondava, izay tantanan'ny fikambanan'ny tanora ao amin'ny fokontany Anosikely, izay fokontany nasiana ilay fotodrafitr'asa.

Sambany no misy toy izao raha ny ato amin'ny faritra Menabe, satria na dia faritra isan'ireo tian'ny mpizahatany aza ny faritra Menabe dia tsy mba misy toerana fialan-tsasatra na espace vert toy izao tato Menabe. Misy toeram-pidiovana sy toeram-pivoahana, izay mijery ireo manana fahasembanana avokoa ireo espace vert ireo ary dia mitohy ny fanabeazana ireo mponina manodidina, mba hanajana ireny fotodrafitr'asa ireny sy ny ala honko ary nisy koa ny fanentanana ny olona hamboly ala honko.

Rajepa

Ny Valosoa sy fakafaka

Sahirana tanteraka ny vahoaka noho ny tsy fahaiza-mitantan'ny mpitondra

Sahirana tanteraka ny vahoaka Malagasy noho ny tsy fahaiza-mitantana ataon'ny mpitondra tarihan'ny filoha Rajoelina. Tapaka lava tsy misy fiafaràny ny jiro sy rano ; nefa tsy misy vahaolana na efa nodradradradraina nandritra ny fampielezan-kevitra aza, fa ahena ny vidin'ny jiro, ampitomboina ny tanjaka omen'ny JIRAMA ny mpanjifa, izay fampanantena poakaty sisa. Miakatra ny vidin' ny gazoil sy ny lasantsy, ary toerana maro no milahatra raha misy, ny tombin-dasantsy moa dia maro no tsy misy. Miteraka fikorontanana ho an'ny mpanjfa izany. Efa misy ny mameno bidon ahafahana mivarotra lafo ny gasoil. Tsy misy anefa ny vahaolana, lazaina fa ampy ny solika ampiasaina ary efa ho avy ny nafarana manaraka, nefa tsy arak'izany ny zavamisy. Ny fiakaran'ny vidim-piainana vokatry ny fiakaran'ny solika dia efa tsy tenenina intsony, fa tsy takatry ny fahefa-mividin'ny Malagasy intsony. Ny karama zara raha niakatra tsy mahasehaka ny fandaniana vokatr'izany. Mananontanona ankehitriny ny fidiran'ny mpianatra. Maro ny zaza Malagasy raha ny zavamisy iainan'ny tokantrano Malagasy no tsy hiditra an-tsekoly. Tsy mba misy ny fanampiana entin'ny fanjakàna hanamaivanana ny fahasahiran'ny ray aman-dreny fa dia vola be no aloa eny amin'ny sekolim-panjakàna, izay hianaran'ny ankizy somary sahirana ara-bola tsy mahaloa sarampianarana isambolana. Takona tanteraka ny fiainan'ny Malagasy ankehitriny, ka tsy hita intsony ny lalana hivoahana amin'izany, satria mpitondra tsy mahafantatra ny fahasahiranana mianjady amin'ny Malagasy no misy eto. Tsy mahalala ny tena laharam-pahamehana, fa ny famalifaliana sy ireo zavatra tsy misy fiantraikany mivantana amin'ny filàn'ny mponina. Ampifangaroana ny fivavahana sy ny fiainam-pirenena nefa izay no nanenjehana mafy ny mpitondra teo aloha. Kitapo entina amin'ny JMJ any Antsirabe no alaina ao amin'ny kitapom-bolam-panjakàna satria ny werawera tsy maintsy mandeha hoy ilay fitenin'ny olona izay. Kitapo vita gasy eto maro tsy tambo isaina, koa nahoana no hanafatra kitapo any ivelany izany hoy ny maro. Tena tsy fahaiza-mitantana tsotra izao. Tsy hoe manenjika fivavahana fa aza ampiasaina amin'ny zavatra hafa ny volambahoaka. Raha vola any ampaosin'ny filoha Rajoelina tsy misy hanakana izany.

Helisoa

PRIERE AU SACRE CŒUR



Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Fitiavana R.